Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

VF alarobia 24 jona 2020

Thème : La vocation de Jean-baptiste
Texte : Luc 1,5-25

Mitarika : Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM439/1,2
1. Mba taomy aho e,
Ry Tompo ô !
Ho tonga zanakao
Madio am-po.
Mba taomy aho e,
Ho tia Anao tokoa !
Ny fo atolotro
Mba raisonao.

2. Tariho aho e,
Ry Jeso ô !
Aza ilaozanao,
Fa be manjo.
Trotroy an-tratranao
Ny ondrikelinao
Ka ento mody izao
Ilay nania.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM226/1
Tompo ô! Mba te- hihaona,
Aminao ny olonao,
Ka Ny oran-dohataona,
Ampombay ny teninao;
Ny Fanahinao iraho,
Aminay izay mitalaho
:,: Mba vokiso zava-tsoa

Ny mangetaheta Anao :,:

Fampidirana

FFPM39/1
Faingàna, ry Mpanjaka!
Handray ny lovanao;
Faingàna re mba haka
Ny tany ho Anao;
Avia hampifaly
Ny malahelo fo;
Afaho ny mijaly
Sy azon'ny manjo.

Vakiteny 1 : Lioka 1,5-7

Fanazavana fohy

FFPM39/2
2. Avia, fa misento
Aty ny olonao;
Ny fanjakana ento,
Fa Tompo Hianao.
Tsy hisy hitomany
Eo anatrehanao.
Hiadana ny tany
Izay alehanao.

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra an'Andriamanitra mbola afaka manao vavaka fiambenana.
- Mifona fa indraindray kivy ka tsy te hino intsony.
- Mangataka ny Fanahy Masina hampiorina finoana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Lioka 1,8-13

Fanazavana fohy

FFPM39/3
3. Ny tendrombohitra avo
Ny lohasaha koa
Ho tonga ravoravo
Sy tretrika avokoa;
Ny be tsy haka an-kery
Ny kely afa-po

Tsy hisy izay ho very,
Tsy hisy izay hanjo.

Vavaka isan-takantrano

- Midera an'Andriamanitra amin'ny fahendreny amin'ny fitantanana ny fiainantsika.
- Mangataka mba hampaherezin'Andriamanitra ireo mandalo fisedrana mahamay.
- Mivavaka ho an'ireo namoy havan-tiana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Lioka 1,14-17

Fanazavana fohy

FFPM39/4

4. Mpanjaka sy Mpiaro
Mahery Hianao
Ny firenena maro
Hitoky Aminao
Ho avy lalandava
Izao rehetra izao
Hitondra harem-bevava
Ho eo an-tongotrao.

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka mba havaozin'ny Fanahy Masina.
- Mangataka ny Tompon'ny vokatra haniraka mpiasa hamory ny vokatra vokany.
- Mivavaka ho an'ny tsirairay hahazoto hamaly ny antson'ny Tompo.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Lioka 1,18-25

Fanazavana fohy

FFPM39/5

5. Faingàna, ry Mpamonjy,
Ry Tompo be fitia,
Ny olonao tra-bonjy
Miantso hoe : Avia!
Anao ny fiderana
Anao ny laza be,
Anao ny fanjakana
Sy arahaba e !

Vavaka isan-tokantrano

- Midera an'Andriamanitra fa mahatoky Izy.
- Mivavaka ho an'ireo menaky ny aina izay nandeha an-tsekoly.
- Mivavaka ho an'ireo marary rehetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM512/1,2

1. He! matoky aho, Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly,
Teny avy aminao.

Fiv : He!matoky aho, Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly
No omenao ahy izao.

2. Tahotra amana ahiahy
Dia ariako izao;
Fa nomenao toky aho
Sady to ny teninao.
sns…

Hafatra :

Isaia 41,9-10

«Hianao izay efa notantanako avy tany amin' ny faran' ny tany Ary nantsoiko avy tany an-tsisiny Ka nilazako hoe: Mpanompoko hianao, Efa nofidiko ka tsy mba nariako: Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin' ny tànana ankavanan' ny fahamarinako Aho.»

FFPM512/5

5. Jeso Tompo! avy aho,
Avy hankalaza Anao;
Raisonao re izay omeko:
Vola, tena, aina koa.
sns…

Tsodrano

Fiadanana anie ho an' ny rahalahy ary fitiavana mbamin' ny finoana avy amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. Ny fahasoavana anie ho amin' izay rehetra tia an' i Jesosy Kristy Tompontsika amin' ny fitiavana tsy mety levona. Amena.